

TORITENY - Alahady 31 Janoary - TSOTRA FAHA 4 - TAONA D



***"Lazaiko marina aminareo fa tsy misy mpaminany hajaina
amin'ny tany nahabe azy. (Lioka 4, 24)***

Ry Kristianina havana, amin'izao alahady faha-efatra mandavantaona izao, asain'ny Eglisy isika amin'ny alalan'ireo vakiteny mba hahatsapa fa eo anivontsika tokoa Andriamanitra ary tsy mizaha tavan'olona izy fa miantso atsika hiombona aminy. Ary izay no nahatonga ny Papa amin'izao taona masina izao hiantso an'ity taona ity ho taonan'ny famindrampo hiantson'Andriamanitra atsika mba ho eo anivontsika tokoa izy ka amin'izay ireo sakasakana rehetra dia hiova, mba ho fahafahana ka hivelatra bebe kokoa ny maha-olona atsika, ny fiainantsika. Izay no tanjona amin'izao taona masina famindrampo izao. Miantso atsika izy tahaka ny niantsoany an'i Jeremia, tsy ny fahamendrentsika no tadiavin'Andriamanitra fa ny fontsika. Raha mandray azy isika dia ho azy izay fontsika izay ka isika indray no hitondra ny vaovao mahafaly eo amin'ny mpiara-belona ary hanambara tahaka an'i Jeremia ny fahasoavan'Andriamanitra eo anivontsika ary hizara ny hafalian'ny vaovao mahafaly ka ho ambarantsika eo amin'ny fiainantsika izany.

Mitaky fiovam-penitra mahery vaika izany, izay ny mahatonga ahy ry Kristianina Havana mamerimberina matetika amintsika hoe : Aoka ho masom-pinoana, ho sofim-pinoana, ho vavam-pinoana, ho tànana sy tongom-pinoana no hibandinantsika an'izao taona masina izao. Henontsika tsara ao amin'ny Evanjely fa ireo olona nanodidina an'i Jesoa tamin'ny

Vakiteny I : Jer. 1,4-6.17-19

Tononkira : Sal. 70

Vakiteny II : 1 Kôr. 12, 31-13, 13

Evanjely : Lk. 4, 21-30

fotoanandrony dia tsy nisy nahatsapa fa i Jesoa no ilay vaovao mahafaly, ilay tenin'Andriamanitra eo anivon'izy ireo. Talanjona izy ireo nahita sy nandre ny fampianarany. Matetika isika no talanjona amin'ireo fanomezan'Andriamanitra fa tsy sahy manao ny dingana ary izay moa no andrasan'ny Papa Ray masina amintsika

mianakavy. Maimaim-poana ny fanomezan'Andriamanitra, izay no ambaran'ny vakiteny faharoa (1 Kôr. 12, 31-13, 13) koa izao androm-pahasoavana izao tokoa ary no aoka hirosoantsika lalindalina tokoa amin'ny fiovam-penitra mahery vaika ka handray ny fahasoavan'Andriamanitra isika. Aoka isika hahfantatra ireo famantarana maro samy hafa asehoan'Andriamanitra, aoka ho masom-pinoana no hijerentsika, aoka tsy ho tahaka ny ao amin'ny Evanjely nanontany hoe;

tsy zanaky ny mpandrafitra ve iny ? Rakotra ny fialonana ny masontsika, tsy mandre ny hafatr'Andriamanitra isika satria ny sofintsika tsy sofim-pinoana fa matetika ny sofin'izao tontolo izao no andrenesantsika ny hafatra sy tenin'Andriamanitra torina amintsika. Mbola fo vato, fon'izao tontolo izao ny fontsika, mbola tsy mifindra ao amintsika ny fon'Andriamanitra.

Ka izay indrindra ry Krisitianina Havana, isika izay afaka mandray an'izao hafatra izao amin'ny fomba maro samy hafa : **Izao no fotoana sarobidy, izao no andro sarobidy, ka aoka isika hanova ny fo amam-panahintsika ka hanokatra izany araka ny hafatry ny Md Paoly** : aoka hanam-paniriana ny fanomezana ambony indrindra isika, io no irio mafy, raha io no ao ampontsika dia hiova ny fo amam-panahintsika, **tsy inona io fanomezana sarobidy ireo fa ny finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana**. Ka ny ambony amin'ireo hoy Md Paoly dia ny fitiavana satria io no hanentana atsika banana finoana bebe kokoa. Na dia eo aza ny fanenjehana na dia eo aza ny sedra dia hifikitra mafy isika satria i Kristy no lèlana sy fahamarinana ary fiainana. **Ary ny fitiavana tokoa no manentana atsika hanantena na dia diso fanantenana aza isika, araka ny voalazan'ny soratra masina : ny fanantenana mamelembelona atsika eo amin'ny fiainantsika ka aoka ary mba ho finoana velona, fitiavana arahin'asa ary fanantenana ambaran'ny fiainana andavanandro no aoka hiainantsika araka ny hafatry Md Paoly ka amin'izay izao taona masina izao** dia ho taom-pahasambarana ho antsika na dia eo aza ireo mety hanahirana, ireo mety ho fijaliana, na dia eo koa aza ny fanenjehana tahaka ny nanjo an'i Jesoa ka nahatonga azy nilaza tamin'ireo nanodidina azy hoe : lazaiko marina aminareo fa tsy misy mpaminany hajaina amin'ny tany nahabe azy. Aoka isika tsy hatahotra an'izay fa hahatoky fa miasa Andriamanitra, ka tahaka ny niasany fahasoavan'Andriamanitra tamin'ilay vehivavy mpananotena tao Sarepta izay nahazo fahasoavana manokana tamin'ny andron'i Elia mpaminany, tahaka an'i Naamàna izay nositranin'Andriamanitra rehefa noentanim-pinoana, rehefa niova ny fony dia nitsoboka tao anaty rano izy. Izay ihany koa no handrasana amintsika amin'izao taona masina izao. Isika hiroboka ao amin'ny finoana dia hidiovan'Andriamanitra amin'ny habokan'ny fahotana isika ka amin'izay dia hadio tanteraka ary dia hidera sy hanome voninaohitra an'Andriamanitra.

Ry Jesoa Tompo ô, eto anivonay tokoa ianao ary dia tokana ny fanirianao dia ny hahazoanay rehetra ny fahasoavana, tokana ny irinao dia hahatonga anay tokoa hiombona anjara aminao. Enga anie hahay handray anao tokoa izahay amin'izao taona masina izao, handray anao ny fianakaviana tsirairay avy, handray anao ny fiahara-moninay, ka na dia aza ireo fanaratsiana isankarazany mety mitranga dia hiroso lalandava amin'ny finoana, fanantenana ary fitiavana izahay ka hahay hifanao soa, hahay hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana, handray antàana ny Eglizinao ary hahay hampitraotra mandrakariva ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Amen